



## ALAHADY FAHA-18 MANDAVANTAONA

**“Ray aman-dreny Andriamanitra, fa mpamelona ara-nofy sy ara-panahy”**

Tsy vao izao ihany vao niatrika vanim-potoana sarotra ka very fanahy mbola velona ny vahoakan’Andriamanitra. Efa nitranga izany tamin’ny vahoakan’Andriamanitra voasesitany tany Babilona. Soa ihany fa teo ny Mpaminany izany hoe ireo izay mahafantatra ny sitrak’Andriamanitra. Io no « repère » ka ahafahan’ny vahoaka tsy ho « very fanahy mbola velona » ka hanaraka mandrakariva na dia mety ho mafy ny ady ka tsy hanaraka ny lojikan’izao tontolo izao fa ny lojikan’Andriamanitra mandrakariva. Izany indrindra no tian’Izaia hasongadina amin’ny vakiteny voalohany ka zary foto-kevitra amin’izao Alahady faha-18 mandavantaona izao : «Tsy Andriamanitra lavitra no Andriamanitsika fa Andriamanitra eo anivontsika, Ray amandreny, Andriamanitra Izy ka mamelona ara-panahy sy ara-nofy.» Hoy indrindra Izaia milaza izany ho fankaherezana ny vahoaka voasesitany ary ho fankaherezana antsika ihany koa miatrika izao KORONTANA VIRUS izao: *Ianareo rehetra izay mangetahela, mankanesa aty amin’ny rano, na dia ianareo tsy manam-bola aza; avia mividianana vary ka mihinàna; avia mividy tsy amim-bola na takalo, hividv vary sy ronono.* Tsy hoe sakafo ara-batana fotsiny fa indrindra ny momba

Iz 55, 1-3;

Sal 144;

Rom 8, 35.37-39;

Mt 14, 13-21)

ny ara-panahy. Indrisy anefa milaza miara-mahita isika fa ny foto-pinoantsika mihitsy no potehin’ity KORONTANAVIRUS ity ka ny sakafo mahavelona indray no tsy afaka raisina. Soa ihany fa nahita vahaolana manokana ny Papa amin’izao “situation exceptionnelle” izao. Izay no maha-mpaminany azy tahaka an’Izaia

Mpaminany eto. Mpaminany izy satria manoro ny vahoaka ny sitrak’Andriamanitra ho tanterahina. Tsy vao izao ireo “mangetaheta fahafahana” sy ny “noana ny fahamarinana” fa isika miatrika an’izao KORONTANAVIRUS izao ka ny Tompo mihitsy no miantso sy manasa antsika izay azo lazaina fa mila ho resy hanatona Azy, eny fa na dia tsy manam-bola hividianana sy tsy mendrika izany aza izy ireo. Maimaim-poana, tsy mila tambiny na takalo no hanomezan’ny Tompo an’izay manatona Azy. Hoy ihany koa ny tohin’ny hafatra hoe: *Nahoana ianareo no mandany vola amin’izay tsy hanina ; sy misasatra amin’izay tsy mahavoky?* Tian’ny Tompo mba tsy hianina na ho tamana amin’ny zava-mandalo isika fa indrindra ny lojikan’izao tontolo amin’izao KORONTANAVIRUS izao ka zary hampanjaka ny fitiavan-tena, ny avonavona ary fialonana sns... fandrika apetraky ny ratsy mitsiry ao amintsika ireny ka « mi-encombrer » ny fontsika. Mila manamafy ny finoantsika isika ka hifikitra amin’Andriamanitra.

Hoy indrindra ny Tompo milaza an'izany rehetra izany sady manentana no mankahery mba tsy ho kivy na hiraviravy tanana fa hatoky Azy mandrakariva : « *Koa mihainoa Ahy, ary mihinana izay tsara; ary aoka ny fanahinareo hiravoravo amin'izay hanina fy. Atongilano ny sofinareo, ka mankanesa aty amiko; mihainoa ka aoka ho velona ny fanahinareo; ary hanao fanekena mandrakizay aminareo Aho, ary hanome anareo ny fahasoavana nampanantenaina an 'i Davida..* Ny fihaonana sy ny fankanesana any amin'ny Tompo, ny fihainoana ny Teniny, ny safidim-piainana mifanaraka amin'ny finoana Azy, no lalana mitondra antsika amin'ny fandresena miaraka amin'ny Tompo miatrika ity areti-mandoza ity. Raha tonga ny andro fandresena ka miverina amin'ny laoniny ny fiainana dia tsy midika velively araka ny hafatr'Izaia Mpaminany fa fiverenana indray amin'ny fiainana fahiny fa tena fanombohana vaovao mihitsy « *nouveau départ à partir du Christ Vainqueur* » fahateraham-boavao, fiainam-baovao vokatry ny fibebahana ka fandraisana an'Andriamanitra ho ivom-piainana sy eo anivon'ny fiainana. Izay no atao hoe « *fanamafisana ny finoana* », fampifohazana ny finoana amin'ny alalan'ny fihainoana ny Tenin'Andriamanitra. Ho an'ny Jody ny finoana dia manambara fihainoana : « *Mihainoa, ry Israely...* » ary io no lazain'Andriamanitra tamin'ny Mpianatra teo an-tembohitra raha niova tarehy i Jesoa. Raha tiantsika hiova ny fiainantsika tsizarizary izao dia aoka hihaino ny Tenin'Andriamanitra isika ary hivelona azy.

Izay no ambaran'ny Evanjely amintsika raha mitantara ny fahagagana nataon'i Jesoa tamin'ny fampitomboana ny mofo dimy sy ny hazan-drano roa. Nataony izany noho ny fangoraham-pony an'ireo vahoaka nitady Azy. Nitsetra sy niantra azy ireo i Jesoa : *nangoraka nahita ireto vahoaka betsaka: ka nositrany ny marary teo aminy.* Matoky àry isika fa ho sitranin'i Jesoa amin'ity areti-mandoza, amin'ty KORONTANAVIRUS ity. Isan'ny zava-dehibe nilofosan'i Jesoa ny fanasitranana ny olona na ara-batana izany fa indrindra ny ara-panahy. Ary rehefa hariva ny andro dia nanatona an'i Jesoa ny mpianany mba handefa ny vahoaka any amin'ny vohitra hitady ka hividy hanina: *tany efitra ity, ary efa hariva ny andro; koa ravao ny vahoaka handeha hividy hanina any amin 'ny vohitra.* Ireto mpianatra dia nieteritra ny momba ny vahoaka sy ny sakafo hohaniny. Araka ny hevitr'izy ireo dia ny tsirairay no samy handeha hitady sakafo ho azy. Jesoa indray kosa anefa dia nilaza fa « *Tsy tokony handeha izy; fa omeo hanina* ». Fampianarana lehibe ho antsika io valintenin'i Jesoa io amin'izao andro sarotra izao. Mety ho voan'ny fakam-panahy isika ka « *samy handeha samy mitady* ». Mampianatra antsika i Jesoa hifampitsimbina, hifanasoa, hifanome tanana handresy ny fitiavan-tena ary indrindra raha manao ny asan'Andriamanitra isika dia Andriamanitra hanao ny asantsika. Inona tokoa no niseho ary manome hery sy fanantenana ho antsika miatrika izao KORONTANAVIRUS izao? Noraisin'i Jesoa izay kely nananan'izy ireo dia nampitomboiny : ny mofo ifampizarana dia toa mitombo tokoa! Tian'i Jesoa soloina amin'ny « *fifampizarana* » ny « *fividianana* », tian'i Jesoa ho soloina amin'ny « *fitsimbinina* » ny fanilikilihana vokatry ny fitiavan-tena. Midika izany fa tsy maintsy manova ny fifandraisantsika isika. Izany no mahatonga ahy milaza fa fiovam-penitra, fanombohana fiainana vaovao no andrasana fa tsy fiverenana amin'ny fiainana teo aloha. Tsy hoe voatery mividy foana, na mila tambiny vao afaka hanome ny hafa, fa mba ilaina ihany koa ny mahay mizara sy manome maimaim-poana. Tadidio fa izay anananao dia fanomezana avy amin'Andriamanitra ka tokony hifampizarana. Ny valala iray ifanampahana hoy ny fitenintsika. Mampianatra antsika mba halala-tanana àry i Jesoa eto. Mila mametraka rafitra vaovao mitondra antsika amin'ny fifampitsimbina isika. Tsy ny vola akory no tena zava-dehibe eo amin'ny fiainana, na dia « *hozatry ny fiainana aza* », fa ny fifandraisana sy ny fifankatiavana eo amin'ny samy

olona.

Tsy ny sakafo ihany no tian'i Jesoa omena sy zarain'ireo mpianatra ho an'ny olona, fa ny tenany sy ny fiainan'izy ireo manontolo mihitsy. Amin'ny dikateny hafa dia tsy hoe omenareo hanina izy ireo, fa hoe omenareo ho sakafon'izy ireo ny tenanareo sy ny fiainanareo tahaka ny nataoko. Izay no maha Mpianatr'i Kristy. Izay no dikany hoe Kristianina. Izay no atao hoe EOY MISIONERA VITA BATEMY KA IRAHINA HO TABERNAKLA VELONA manorina fa tsy mandrava. Manorina fifandraisana vaovao amin'i Kristy ka mitondra amin'ny fifandraisana vaovao amin'ny zava-boahary, manorina tontolo iainana vaovao. Manorina fifandraisana vaovao eo anivon'ny tontolom-piainana, eo anivon'ny fiaraha-monina, mitondra amin'ny fivelaran'ny mahaolona sy olona manontolo. Manorina fifandraisana eo anivon'ny tontolom-pinoana ka mitondra antsika hankalaza sy hidera an'Andriamanitra. Azo lazaina àry fa tena tandindona manambara ny Eokaristia ny famantarana nataon'i Jesoa eto. Io no tsy maintsy hiainantsika ny Eokaristia na amin'izao isika manao komonio am-panahy izao. Fantatr'i Jesoa izany ka tsy miafina Aminy. Matokisa isika fa ny hany tadiavina dia isika hivelona ny fifampitsimbinana sy ny fahalalahan-tanana ao anatin'ny fahafoizana sy ny fanompoana. Azo lazaina ihany koa fa nanova ny fiainan'ireo mpianatra ny nataon'i Jesoa sy ny andraikitra nankininy tamin'izy ireo.

Tohizan'i Md Paoly izany fampianaran'i Jesoa izany, fampianarana vokatry ny experience-ny ka hoy izy amintsika ao amin'ny Taratasiny ho an'ny kristianina tany Roma: *"Zovyno hahasaraka antsika amin 'ny fitiavan 'i Kristy? Fahoriana va sa haterena sa fanenjehana s hanoanana, sa tsy fananana inon'inona sa loza sa sabatra? Mazava ny valin-teniny: "Amin'izany rehetra izany dia mihoatra noho ny mpandresy isika, amin 'ny alalan 'lly tia antsika ... tsy misy mahasaraka antsika amin'ny fitiavan'i Kristy, tsy misy mahasaraka ny fitiavan'Andriamanitra ao amin'i Kristy"*. Raha ny momba ny fitiavan'i Kristy antsika izay efa noporofoiny tamin'ny nanolorany ny ainy teo ambonin'ny Hazofijaliana hatramin'ny fahafatesana, dia tsy miova na oviana na oviana, *omaly, anio ary mandrakizay*. Tsy hainy ny tsy mitia. Raha ny momba ny fitiavantsika an'i Kristy indray anefa dia mety hampisalasala ihany amin'ny maha olombelona antsika! Mora mivadibadika isika fa i Kristy kosa tsy mivadika mandrakizay. Ezahintsika hamafisina eto izany finoantsika izany. Tsy mpandresy fotsiny isika hoy i Md Paoly manoloana ny zavatra rehetra fa mihoatra noho ny mpandresy ka noho izany MATOKY FA HANDRESY AN'ITY KORONTANAVIRUS ITY.

Ry Jesoa Tompo nampianaranao anay niany fa raha miaraka Aminao sy entanin'ny fifankatiavana sy ny fifampitsimbinana izahay dia mahavita zava-mampitolagaga izay tsy inona fa AFAKA MIFAMELONA SY MIARA-BELONA . Ampio àry izahay ho EOY MISIONERA ZARY TABERNAKLA VELONA vonona hahafoy tsy misy tambiny. Masina Maria Reny tahio izahay hiombona amin'i Jesoa mba ho mpandresy ny ratsy fa indrindra ity Korontanavirus ity.

Mompera Arsevekan'Antsiranana Ramaroson Antsiranana